VOKATR'IZANY DIA NIAKATRA BE NY VIDIN'NY LAKANA VITA AMIN'NY FARAFATSY SATRIA NOVIDIANA TELO ALINA ARIARY TEO ALOHA DIA LASA EFATRA HETSY ANKEHITRINY...

KOA MIANGAVY RE IZAHAY ANKIZY: NY FANDRAVANA NY ALA TSY AM-PIHEVERANA DIA FAMONOANA IHANY KOA NY VEZO SATRIA: TSY AFAKA MISARAKA NY VEZO SY NY ALA ARY NY RIAKE !

FLORE

Faritra maro eto Madagasikara no ahitana ny vonenina. Ny afovoan-tany, ny atsinanana, ny andrefana ary ny atsimo. Izany no mahatonga azy hanana anarana samy hafa araka ny toerana. Vonenina no iantsoana azy amin'ny ankapobeny. "Salotsa" hoy ny any Betsileo, ary "Trongatse" hoy ny any amin'ny faritra Anosy. "Pervenche de Madagascar" no iantsoan'ny Frantsay azy. "Rose amère" hoy ny Réunionnais ary "Saponaire" kosa no anarany atsy Maurice. Eo amin'ny sehatra siantifika dia Catharanthus roseus no iantsoana ny vonenina.

VONENINA

Photo : Francis Rasoamaharo

Ny tany maina no anirian'ny vonenina. Misy azy koa eny amoron-dalana eny. Ary matetika dia ny tapoka *(jachère)* no tena mahavokatra azy. Mamony mandavataona ny vonenina.

Eto Madagasikara ihany no ahitana ity zava-maniry ity. Mahitsy, somary miloko mavo kely ny rantsany. Ny voniny koa dia mavo kely, misandrahaka avy amin'ny ratsana iray ka manahaka sarin-kintana izany matetika.

Eo amin'ny sehatry ny fitsaboana dia ampiasain'ny mpiraokandro ny vonenina atao tambavy : ny fakany dia manala ny fitohanana, izany hoe mampivalana. Ny raviny kosa dia mampitsahatra ny fivalanana raha marary kibo. Ny fikarohana nataon'ny Profesora Rakoto-Ratsimamanga dia nahafantarana fa ampiasaina amin'ny fitsaboana ny homamiadana ny vonenina.

Jeannot RAROJO

FASIKA MANOTOTRA IZAY ANDALOVANY



Photo : WWF/Rarojo Jeannot

Eran-tany, ny faritra maro dia ianjadian'ny loza voa-janahary avokoa. Isan'ireny ny rivo-mahery, ny tondra-drano, ny hain-tany na koa ny hafanana sy ny hatsiaka mihoatra ny tokony ho izy. Any Androy any dia misy ny antsoina hoe "raraka". Voina tsy mbola hita izay hiadiana aminy, nefa dia manimba zavatra maro.

INONA MOA NO ATAO HOE "RARAKA" ?

Ny "raraka" dia fasika tsofin'ny rivotra avy any an-dranomasina, misavovona dia mikisaka ka manototra izay rehetra andalovany.

Inona no mahatonga an'izany ? Manify, na tsy misy intsony ireo voly hazo manakana ny herin'ny rivotra. Malalaka noho izany ny toerana iantefan'ny fasika ka mahatonga azy hibosesika aty an-tanety.

Azo hazavaina amin'ny lafin'ny toetrandro koa ny "raraka" : rehefa misavovona ny fasika dia danihin'ny hafanan'ny masoandro ka mamoaka etona mahamay. Iny etona mahamay iny no misintona ny rivotra mangatsiaka avy any an-dranomasina ka manosika ilay fasika hiova toerana.

Inona no vokany ? Totora noho izany ny tanim-boly, ny fasana, ny hazo, eny, hatramin'ny tanàna. Isan'ireny ny tanànan'i Mokalava izay voatery niova toerana in-telo mba andosirana ny "raraka".

MIADY AMIN'NY RIVOTRA

Tsy misy afatsy ny fambolen-kazo no entina miady amin'ny "raraka". Miezaka ny mponina mamboly laloasy sy lalanda ary filao, nefa tsy voasakana ny "raraka". Ao koa ireo tetikasa maro misahana andraikitra any amin'iny faritra iny. Singanina amin'ireny ny Sampan-draharahan' ny Rano sy Ala ary ny WWF. Velaran-tany maro no efa totora ka mahazo vahana ny tany efitra (désertification). "*Loza voa-janahary io ka mbola tsy hita izay fomba andresena azy,*" hoy Andriamatoa Mosesy, mpiasan'ny Rano sy Ala ao Tsihombe.

Ny ao Faux-Cap no tena voa mafy amin'ity "raraka" ity. Mahery fitsoka ny rivotra any amin'iny faritra iny ka milefitra hatramin'ny hazo. Mazava ho azy fa mihena ny velaran-tany azo volena satria tototry ny fasika. Asa goavana no miandry ny mponina any Androy hiadiana amin'ity fasika velona ity. Raha tsy izany mantsy dia voatery hifindra monina izy ireo, satria tsy mahita toerana hamokarana intsony.

Tsy hay tohaina ity fasika velona ity. Miankina amin'ny fandresena azy ny fampandrosoana haingana an'iny faritra atsimo iny.

Jeannot RAROJO
Androy, aogositra 2004

Fokonolona mandray andraikitra



Photo : WWF/Maksim L.



Isan'ny lohalaharana amin'ny fandraisan' an-tanana ny fitantanana ny ala manodidina ny faritra voaaro manerana an'i Madagasikara ireo Vondrona Ifotony any amin'ny faritra manodidina an'i Marojejy.

NY AO ANDASIBE-KOBAHINA

Kaominina ambanivohitra i Andasibe-Kobahina ao amin'ny Lemak'Andapa, misy mponina 25.000. Ny fambolem-bary no azo lazaina fa mampisongadina an'Andasibe Kobahina. Raha ny momba ny ala indray dia fito ny Vondrona Ifotony (Communauté de Base) mitantana velaran'ala 600 hekitara. Andriamatoa Rasolofo Bardin no filohan'ny Komity Mpitantana (Comité de gestion).

Midadasika ny tanimbary ao Andasibe-Kobahina satria voafehy ny momba ny rano ary tsy misy ao izany tavy izany. Mazava fa tsy sahirana ny vahoaka amin'ny sakafo fototra ary diso fantatry ny rehetra koa fa i Andapa dia sompitra iray eo amin'ny vary ka afaka mamatsy ny faritra hafa.

NY FANDRAISANA NY FITANTANANA

Efa voasoritra tao amin'ny lamina miainga avy amin'ny Politikam-pirenena momba ny Ala ny famindram-pitantanana. Nisy ny fanentanana nombam-panazavana momba io politika io izay nosahanin'ny Sampan-draharahan'ny Rano sy ny Ala ary ny WWF. Vonona ny mponina hiroso sy handray andraikitra hitantana ny ala amin'ny fomba maharitra. Ala izay sompitry ny rano, na ho fisotron'ny mponina izany na ho an'ny fambolena. Raha sanatria ka fongana ny ala dia midify ny orana. Ny ala ihany koa no manome ny hazo ilaina eo amin'ny fano-renan-trano ary mirakitra ny zava-maniry fanao fanafody.

Etsy an-danin'izany, mitombo koa ny isan'ny mponina ao Andasibe-Kobahina ary dia mitombo toy izany koa ny filàna hazo eo amin'ny an-davan'andro ary ny ala dia hita nibaribary fa nihena velarana.

Photo : WWF/Sylvain Rafiadana-Nisoa

Tazana ery aoriana ny tendron'i Marojejy.

Photo : WWF/Maksim L.

Harena ara-javaboaary maro no ao Marojejy toy ny Takhtajania hita eto amin'ny sary.

Any amin'ireo tanàna kely ao amin'io Kaominina io dia mifanasaka ny isan'ny trano mitafo fanitso sy ireo vita avy amin'ny hazo manontolo.

TOMBON-TSOA SY ADIDY

Voafaritra mazava tsara ny momba ny ala ivelan'ny Valan-javaboaarim-pirenenan'i Marojejy izay tantanan'ny Fokonolona. Tsy lasa tompon'ny ala ny Fokonolona fa nomena alalana amin'ny fitantanana azy fotsiny. Misy ny fepetra izay voarakitra ao amin'ny Fifanekem-pitantanana ary nosoniavin'ny Komity Mpitantana, ny Kaominina ary ny Sampan-draharahan'ny Rano sy ny Ala. Misy koa, etsy an-danin'izany, ny Dina nofaritan'ny Vondrona Ifotony ka toavin'ny Fokonolona iray manontolo. Ny Komity Mpitantana kosa no mamaritra sy mampihatra ny fepetra fitantanana.

Tsy maintsy manana fahazoan-dalana ny olona haka na hanapaka hazo nefa tsy azony atao ny mivarotra izany na koa manodina ny hazo ho saribao. Misy izany ny fangatahana atao any amin'ny Komity Mpitantana. Rehefa avy eo kosa dia ny mpikambana antsoina hoe "Vavasaha" no manamarina ny fidirana ao an'ala. Rehefa tonga ao dia mifanaraka amin'ny mpikapa ilay mpangataka. Izany no atao dia mba hitandroana ny hazo tsy azo kitihina. Mbola maro tokoa mantsy ny hazo sarobidy any amin'io velaran'ala 600 hektara any Andasibe-Kobahina io toy ny voamboana, ny andramena na ny hazovola. Araka ny fepetra, ohatra, dia vola 100 Ariary no aloa isaky ny hazo fisaka voafandraka, ny vatan-kazo iray moa dia ahavitana hazo fisaka maromaro. Rehefa vita ny fikapana dia misy ny olona manamarina ny isan'ny hazo fisaka vita. Rehefa any an-tanàna indray dia mbola misy fitsirihana hanamarinana fa nifanaraka tsara tamin'ilay fangatahana ny nampiasana ireo hazo.

Volana RASOANIAINA
Madagascar Tribune
Marojejy, aogositra 2004

Mikasika an'i Marojejy sy ireo ala manodidina azy dia jereo ny Vintsy laharana manokana faha-40.

Photo : WWF/PCDI Marojejy

Reharehan'ny mponina ny fananana an'i Marojejy.

ECOTOURISME



Photo : WWF/Rarojo Jeannot

En matière de tourisme,
Madagascar offre plusieurs possibilités
parmi lesquelles

le Tourisme Nature

qui devrait nous apporter des bénéfices importants.

Photo : WWF/Rarojo Jeannot

Tsihombe : dernière halte avant Taolagnaro.



Photo : WWF/Rarojo Jeannot

Le Cap Sainte-Marie a enregistré 110 touristes au premier semestre 2004.

Photo : WWF/Rarojo Jeannot

La plage de Libanona n'attend que les visiteurs.

DÉTENTE

Mots-fléchés sur le Sud par Fidèle RABENJAMINA

Photo : WWF/Jeannot Rarojo

Marque l'accompagnement / Crédule
Pelage de la chèvre angora
Iodé est celui du Sud
Ciel / Appelai
Interjection / Personnel
Accord betsimisaraka / Pour appeler
Roi de Juda
Choisi parmi tant d'autres
Une race issue du Sud
Originaire du Sud
Ile / Passereau / Métal précieux
Criai sous bois / Enzyme
Ville principale du Sud
Claquette du cinéma / 365 jours
Particules / Sodium / Plaine d'Italie
Condition / Carte du Monde
Nom donné à la mer dans le Sud
Hurla / Foyer
Lentilles / Possédé / Africain
Prairies d'Amérique du Sud / Préfixe
Arrose la Capitale du Sud

RAOSY (JAMBA) Ô ...

...raha mahita ho arapaka lanao dia tsy mifidy afatsy... Inona amin'ireto ary ?

1- KABARO
2- BOZAKA MAINA
3- LOMBIRO
4- KATSAKA
5- AHI-MAITSO

'NDEHA HO AIZA ?...

Photo : WWF/Jeannot Rarojo

Araka ny fiheveranao, aiza io toerana io ?

1 - MAROVOAY
2 - TANJOMBATO
3 - BEHENJY
4 - IHOSY
5 - AMBOASARY-ATSIMO

VALINY/SOLUTIONS : N° 45

URBANISME

On peut aussi apprécier l'état de l'environnement en milieu urbain. D'ailleurs, le "beau" n'est-il pas aussi synonyme d'un environnement sain ? Par ces clichés pris à Toliara et à Antananarivo, Vintsy vous partage les métamorphoses de certains quartiers qui faisaient honte auparavant par leur saleté et leur insalubrité sur un fond nauséabond. Appréciez **CES QUELQUES CHANGEMENTS DE LA CITÉ DU SOLEIL ET DE LA VILLE DE MILLE**

À Toliara : au marché de Betania ...

... à "Amoron-driake" et...

...au boulevard Sanfilo.



Le nouveau boulevard d'Anosibe à Antananarivo

Photos : WWF/Maksim L.

Ny fitandroana ny tanàna ho madio mandrakariva dia adidintsika tsirairay avy. Sady fahafinaretan'ny maso no fototra iray ijoroan'ny tontolo iainana mirindra ny fahadiovana.

NY ANDRAIKITRAO

FANTATRAO VE FA...

... avy amin'ireo fahazarantsika andavanandro dia azo atao ny manatsara kokoa ny fiainantsika ? Ireto torohevitra vitsivitsy hampirindra ny tontolo manodidina antsika.

Vonoy mandrakariva ireo fitaovana mandeha amin'ny herinaratra rehefa tsy ampiasana.
Izany dia mitsitsy hatramin'ny 1.000 KWh isa-taona.

Ny fahazarana manary fonosana plastika sy harona taratasy dia mampitombo ny fako isan'andro. Aleo mampiasa harona lamba.

Tandremo tsy ho very fotsiny ny rano eo am-pisasana.



Amboary (na ampanamboary) ireo paompy sy fantsin-drano rehetra mitete mba hitsitsiana ny rano very.

LA PAGE DES ENSEIGNANTS

Cette rubrique est destinée à être exploitée par les enseignants en tant qu'appui pédagogique.

WHY CARE ABOUT BIODIVERSITY ?

Objectives : Explore personal beliefs and values about the protection of biodiversity. List several reasons why it is important to protect biodiversity.

BACKGROUND

People's feelings about biodiversity issues, including the importance they place on wild species and places and whether they think biodiversity should be protected, do not depend only on their knowledge of these issues and the sciences relating to them (ecology, biology, sociology, political science, economics, and so on). They also depend on personal belief systems and values.

This activity is designed to give your students a chance to examine their personal beliefs and values about biodiversity issues. It will also help them sharpen their thinking by sharing their opinions and feelings with their fellows. The students first discuss their points of view in small groups and then talk about biodiversity conservation as a group. On the next page, we have provided a series of numbered questions to get the students to think about a range of biodiversity-related concerns.

GETTING READY

Write each of the six "Why Care About Biodiversity" statements on separate pieces of paper. Also write the word "Other" on a seventh piece of paper. Write large enough so the students can read the statements from all areas of the room.

WHAT TO DO ?

1- Review the definition of biodiversity.

Ask students what they think biodiversity is. Write their answers on the board.

2- Ask your students whether protecting biodiversity is important and why they feel the way they do.

Explain that many people feel that it is important to protect biodiversity and that they have diverse reasons for thinking so. Ask your students how they feel. What reasons can they give to protect biodiversity ? Write their ideas on the board.

3- Put up the statements and read each one aloud.

Tape each of the seven statements you copied earlier in different places around the room. Explain that the statements represent many of the key reasons people have given for why it is important to protect biodiversity. Compare the ideas represented in the statements with the lists that the students generated.

WHY CARE ABOUT BIODIVERSITY ?

- It is important to conserve the diversity of life for medical and economic reasons. Plants and animals could provide us with additional foods, medicines, and other products that will save lives and benefit society.

- It is important to protect the diversity of life because biodiversity helps maintain important ecological processes such as oxygen production, pollination, and flood control that, in turn, help support all life on Earth.

- Our lives would not be as rich if we lost species such as lemurs and the habitats where they live.

- The rich diversity of life also allows for important recreational activities such as excursion, fishing, camping.

- It is important to protect the diversity of life because no generation has the right to destroy the environment and resources on which future generations will depend. It is our responsibility to take care of the diversity of life.

- It is important to protect the diversity of life because biodiversity provides inspiration and provokes curiosity and imagination. Art, music, and poetry are often inspired by the diversity of life. Many of our technological advances, such as flight, have been inspired by examples found in nature.

- It is important to conserve the diversity of life because all species have a right to exist.

- Other

4- Students choose a statement to stand near.

Ask your students to carefully consider all of the statements. Have each of the students pick one of the statement and then go and stand near it. Explain that the statement the student choose should be one that they feel strongly about. If they do not see a sign that reflects their viewpoint, they can stand at the sign marked "Other". Explain that there is no correct answer and that it does not matter to stand either alone or with a group.

5- Discuss the choices that students made.

Have the students at each statement discuss among themselves why they chose that particular statement. After ten minutes of discussion, ask one person from each group to summarize the discussion. Record each group's points on the board.

6- Open up the discussion to the entire class.

After all the groups have given their summaries, use the guiding questions to spur a group discussion. Read one of the numbered questions in *"Guiding Questions"* and have the students react to it. Make sure that the students confront the issues highlighted by each numbered question and that they explain why they feel the way they do. Encourage them to give examples, and challenge their ideas, especially when the students reach answers quickly or all of them seem to be agreeing with each other.

7- Writing activities

Finally, let students choose between the following two writing activities :

- Have your students write a personal statement about the importance of protecting biodiversity ? Explain that there is no right or wrong answer to the assignment.
- Have the students write a dialogue between two people who have different viewpoints on protecting biodiversity.

GUIDING QUESTIONS-VALUING BIODIVERSITY

1- Is it important to conserve the diversity of life for medical and economic reasons ?
- Do people actually need wild plants and animals for either medicinal or economic reasons ?
- Can people make the medicines they need in a laboratory ?
- If a plant or animal species is not known to have any medical or economic benefit to people, does it matter to let the species die out ?

2- Does biodiversity help maintain important ecological processes that help support life on Earth ?
- What sorts of ecological processes does biodiversity help maintain ?
- Are there any down sides to technological solutions ?

3- Would your life be affected in any way if we lost species such as lemurs and baobabs ?
- Is there anything about these species that makes them special ?
- How would you feel if poisonous snakes, biting insects, and other harmful species became extinct ?
- Are there species that you think are more important to protect than other ? Which ones ? Why ?

4- Do all species have a right to exist ?
- Do people have the right to use any of the world's resources however they want ? Why or why not ?
- Does the right to exist apply to ugly species that are of no use to people ?

5- Some people argue that no generation has the right to destroy the environment and resources that future generations will depend on. Do you agree or disagree with this idea ?
- Do you feel that past generations have left you with the environment and resources you need to live ?
- Will future generations really care about species that disappeared before they were born ?

6- Is the diversity of life important for inspiring inventories and artists and for spurring curiosity and imagination ?
- What human activities are inspired by nature ?
- Will photographs and films that have been made of wild plants and animals be sufficient to provide inspiration to future writers and artists ?

7- Is the diversity of life important for recreational activities ?
- What kind of recreational activities rely on wild places or species ?
- Is it right to save an area so people can fish if it means that other people lose their jobs ? What types of jobs could be threatened by protected areas ?
- Should people be allowed to take part in any recreational activity even if it harms the environment ? How do we balance the rights of individuals and the rights of society as a whole ?

OHABOLANA

"VEZO NENGAN-DAKA, TSY MISY RAHA VITANY"

(Un Vezo sans pirogue ne peut rien faire.)

Proverbe vezo

par *Elisé RANARIVELO*

ZOOM

par *RAROJO Jeannot*



SOLUTION DE NOS MOTS FLECHES DU NUMERO 43

Tontolom-panabeazana manara-penitra

Manomboka indray ity ny taom-pianarana vaovao. Taom-pianarana izay nisafidianana lohahevitra mafonja amin'ity fidirana ity :

"TONTOLOM-PANABEAZANA MANARA-PENITRA, FANOITRA LEHIBE HO AMIN'NY FAMPANDROSOANA."

Ny fanovozam-pahalalana eo anivon'ny tontolo manara-penitra tokoa mantsy dia miantoka ny fizorana mankany amin'ny fampandrosoana.

Ny tsirairay avy dia manana andraikitra amin'ny fikatsahana izany tontolom-panabeazana manara-penitra izany.

Ny Fanjakana dia nanapaka ho anisan'ireo laharam-pahamehana ny fanabeazana sy ny fikajiana ny tontolo iainana *(jereo Vintsy laharana faha-41)*.

Dia ho sanatria ve isika hioty ny tombontsoa avy amin'izany fanabeazana manara-penitra izany indray no hialangalana ?

Ho antsika rehetra mpikambana ao amin'ny Club Vintsy dia midika ho fankaherezana amin'ireo ezaka maro efa nataontsika io lohahevitra io.

Moa ireo Sekoly maitso, ireo fambolenkazo, ireo fikarakarana ny zaridainantsika sy ireo tanin-janakazo nisahiranantsika tsy mizotra mankany amin'ny tontolom-panabeazana manara-penitra ?

Ny 7 mey 1992 no nitsangana tany Toliara (Ecole Sacré-Coeur) ny Club Vintsy voalohany, dia ny "Tsiokatimo" izany.

Ankehitriny dia 80 ireo Clubs Vintsy manerana ny nosy.

Anjarantsika Club tsirairay avy ny mitsara ny fikambanantsika.

Misy ireo nanao ezaka azo tsapain-tànana. Ao koa anefa ireo mangingina, zara raha misalotra ny anarana hoe "Club Vintsy" fotsiny.

Misy aza ireo izay tena tsy heno intsony mihitsy...

Natokana ho an'ny Club Vintsy ity pejy ity : hifanakalozana, hifampilazana ary hifampizarana vaovao. Koa manainga anareo zandry kely rehetra hilaza izay zava-misy sy ny zava-bita any amin'ny faritra misy anareo any.

Ao koa ny tranonkalan'ny Vintsy izay misy takelaka natokana ho an'ireo Clubs sy izay rehetra mikasika azy ireo.

Sady fitaovam-pifandraisana tsy mahalavi-tany no hahafahana mandalina bebe kokoa ny gazety sy ireo Clubs Vintsy ary ny tontolo iainana io tranonkala io koa vangio :

www.vintsy.mg

Mandra-... pitsidikareo ary, zandry kely isany.

Rivotra madio...

Mbola mpianatra tany amin'ny C.E.G. Antsiranana izy ny taona 1984 dia efa nanomboka nihira. Valo taona taty aoriana vao tena fantatra izy teo amin'ny sehatry ny kanto : Njakatiana (RAHARISOA). Anarana mitahiry rakikira folo sy kapila mangirana efatra.

Mianadahy ny zanany ary vavy ny zokiny dia Malala, fito taona, sy i Manana dimy taona. Matihanina i Njakatiana satria isan-taona dia miatrika seho an-tsehatra efapolo eo ho eo izy ary tsy manao asa hafa afa-tsy ny hira sy izay mifandray amin'izany.

Photo : WWF/Maksim L.

Malala, Manana sy ny rainy miara-mamaky Vintsy.

RIVOTRA MADIO

Ny sakafo tiany indrindra ? Ny henankisoa sy ravitoto. Ny fialam-boly indray dia ny filalaovana baskety ao an-tokotaniny sy ny fijerena horonan-tsarimihetsika mampihomehy ary ny fitsangantsanganana eo anivon'ny zavaboaary izay ahitana rivotra madio. "Rivotra madio" : teny miverimberina matetika tamin'ny tafa nifanaovan'i Njakatiana tamin'ny Vintsy. Ny fikatsahana izany zavaboaary mitahiry rivotra madio izany angamba no nahatazanan'ny Vintsy an'i Njakatiana indray tolakandron'ny volana jolay nitsidika naharitra ny Valanjavaboaarin'Andringitra.

Tontolo iainana ? Faritan'i Njakatiana ho fahadiovan'ny rivotra rehetra manodidina ny tena amin'ny fiainana ankapobeny. Ny mampalahelo azy dia tsy madio tanteraka ny tontolo iainana eto amintsika satria misy hatsaran-tarehin-javatra maro, tsy toerana ihany, izay hita fa te hisongadina ihany saingy indrisy fa ny toetsaintsika zanak'olombelona no misakana izany. Hany ka mbola maloto amin'izao fotoana izao... Ny hanadiovana voalohany an'izany loto izany dia ny toetsaintsika aloha. Tokony ho hajaintsika ireo zavatra nomen' Andriamanitra antsika. Eto amintsika dia maro ireo toerana sy faritra tena tsara tarehy ka raha voakarakara tsara izy ireny dia hisongadina ary isika ihany no ho salama eo anivon'izy ireny. Ny fiaraha-monina koa dia endrika iray amin'ny tontolo iainana. Raha madio koa io fiaraha-monina io dia tsy hisy intsony ny adiady, ny adim-poko... Amiko, antoka iray lehibe ho fikajiana ny tontolo iainana amin'ny endriny rehetra ny fiovan'ny toe-tsaintsika.

HAFATRA

Maro ireo mpamaky Vintsy. Anisan'izany efa hatry ny ela aho. Tsy ho tsiniko angamba ny hametraka hafatra kely ho an'ireo mpamaky, indrindra ireo zandry sy zanaka : "Zava-dehibe tsy tokony ho adino mihitsy eo amin'ny fiainantsika zanak'olombelona ny tontolo iainana. Ny toetsain'ny tsirairay no entintsika hiarovana ny fahadiovan'ny tontolo iainana. Hifototra sy hamosavy antsika Malagasy io tontolo iainana io any aoriana any raha tsy arovantsika tsara dieny izao. Mbola hiteraka daholo isika any aoriana any ka ho aiza ny hoavin'ireo taranantsika ireo raha izao isika no efa miaina sahady ao anatin'ny rivotra maloto ?

Tafa notaterin'i
MAKSIM Lucien G.
Amboditsiry-Antananarivo,30 aogositra 2004

NJAKATIANA



Photo : WWF/Maksim L.

VINTSY



Photos : WWF/Rafiadana-Ntsoa S. -Maksim L.- Rarojo J.